


**Eo afovoany : Rakotomahanina Florens, fony izy Kolonely ary lehiben’ny CFS (*«Commandement des Formations Spécialisées»*) ao Ivato. Izy izany no nampianatra ireo anao izao karazana fisamborana *« vaovao »* ara-dalàna izao, manomboka eto. Fa tsy mahay stratejia miaramila fa didy jadona no ampiariny. Inona no niakarana tany anatin’ny Oniversite fa tsy niandry taty ivelany ? Zandary ireo ary mino aho fa mivadibadika ao am-pasana ny Kolonely Ratsimandrava. f'iza no miteny koa fa miombo-kevitra amin'iny fisamborana feno habibiana iny ny *"Bérets noirs"* rehetra?...**

**Talata 1 Septambra 2015**. Nilaza ny Jeneraly be Florens Rakotomahanina, tao aminy Tv Plus, fa nanohitra, hono, i Jean-Pierre. Araky ny tatitra voarainy, hono, dia nisy hazo teny an-tànany. Nanambara ihany koa izy fa fitandroana ny ain’ilay samborina ny fisamborana azy ainga dia aingana. Ary ara-dalàna ny fomba nisamborana an’i Jean-Pierre.

Tsotra ny fanontaniana eto. fitandroana ny ain’i Jean-Pierre izany no nidaroana azy? Ny notaritana azy toa fatin’alika ? Ny namelazana azy ireny herin’aratra ireny ? Ny nametrahana azy tao ambany seza toa ireny biby ireny ?



[illegible]



[illegible]


www.madagate.com

[illegible]


www.madagate.com

[illegible]


Photo: Haja R

[illegible]


www.madagate.com